INBAR Technical Bulletin • #6



# PEPINIERA: fanaovana markôtazy azahoana zanaka volobe

Madagascar

INBAR
INTERNATIONAL NETWORK FOR BAMBOO & RATTAN

This project is funded by the IFAD

IFAD
Investing in rural people

This project is funded by the European Union

**FAMPIDIRANA:** Ny markôtazy dia fampiasana ny taho na ny sampana (ny vaniny) izay atao anaty tany na fangaro hafa (tany, fasika, zezimpahitra, mololo sns) mba hampitsiry ny faka sy hiforonan'ny tsiry vaovao avy amin'ny maso/vaniny. Teknika mahomby azahoana zanakazo avy amin'ny vaniny na masony izay mbola miaraka amin'ny reniny. Misy fomba telo anaovana ny markôtazy: a) Markôtazy tsotra b) Markôtazy eny ambony c) Markôtazy amin'ny zanakazo





### a) Markôtazy

1. Misafidiana taho tanora 1 na 2 taona
2. Tapaho amin'ny apahany ny taho mba ahafahana manadaboka azy. Tapaho eo ambonin'ny vaniny 2 na 3 ambonin'ny tany.
3. Adabohy amin'ny tany ilay taho. Tapaho ny lohan'ilay taho mba hanamora ny fitsirin'ny sampana.
4. Tapaho amin'ny ampahany ny ravina sy ny sampana mba hahakely ny rano very.
5. Ny vaniny 2 na 3 amin'ny sampana tsirairay ihany no avela.
6. Manao lavaka lavalava ary alentika ao ilay taho nadaboka. Tsindriana vato na zavatra mavesatra.
7. Totorana tany na fangaro hafa manamora ny fiforonan'ny faka (alentika 5cm anaty tany, fasika, ravinkazo sns. Atao mando foana ary tondrahana raha tsy misy orana nefa kosa tsy avela hisy rano miandrona.
8. Rehefa maniry tsara ireo tsiry vaovao (fakabe, fakakely, taho, ravina) dia afaka sarahina na afindra anaty pôt plastika.




### b) Markôtazy ambony

1. Ity fomba ity dia mampitsiry faka amin'ny sampana nefa tsy misaraka amin'ny reniny. Sampana izay efa misy maso matanjaka sy fakakely ivelan'ny tany.
2. Tapaho ny ampahatelon'ny sampana amin'ny andaniny roa. (eo amin'ny faritra ifandraisan'ny taho sy ny sampana)
3. Ny fangaro ampiasaina hampitsiry ny faka dia tany, zezimpahitra na fangaro mololo sy ravina efa lo. Atao mando foana. Izany hoe amin'ny fahavaratra no tena tsara anaovana azy.
4. Rehefa mitsiry tsara ny faka dia afaka sarahina amin'ny reniny ary afindra anaty pôt plastika.




## DINGANA ARAHINA AMIN'NY FAMINDRANA

Mampiasà antsy na tsofa maranitra rehefa manasaraka ny zanany amin'ny taho reniny. Ny zanany azo afindra dia tokony efa misy fakabe, fakakely, taho ary ravina velona tsara.



Alahan'ny anasaraka ny zanany dia anapaho ny ampahan'ny sampana sy ny ravina mba hahakely ny rano very.

Ny fanasarahana sy ny famindrana dia atao rehefa folakandro ihany na andro manorana.



Rehefa avy manasaraka dia avy hatrany dia mamindra anaty pôt plasika ary manondraka avy eo.



***Apetraka anaty alokaloka (aloka 50%) ary tondrahana isanandro. Afaka iray volana dia afaka afindra amin'ny masoandro mivantana.***



*Ny famokarana Ito boky ito dia nahazo ny fanohanan'ny Vondrona Erôpeana sy Tahiry Iraisampirenena ho an'ny Fampandrosoana ny Fambolena.Ny votoatin'ity boky ity dia andraikitry ny INBAR samy irery ary tsy mamatotra ny Vondrona Erôpeana sy Tahiry Iraisampirenena ho an'ny Fampandrosoana ny Fambolena*

Raha mila fanazavana fanampiny dia antsoy ny:

INBAR secretariat:
No. 8, Fu Tong Dong Da Jie, Wang, Jing Area, Chaoyang District, Beijing 100102 , P.R. China
Telephone: +86-10-6470 6161, +86-10-8471 3337, +86-10-6471 7108
Fax: +86-10-6470 2166 | Email: info@inbar.int